TSY FANDRIAMPAHALEMANA

# Loza ! Tovovavy miisa 5 tratra nanendaka

Zava-doza sy zavatra tena mampalahelo no misy eto amintsika amin'izao fotoana, tetsy amin'ny 67 ha: tovovavy miisa 05 tratra nanendaka. Mbola tsy ampy taona ny efa-bavy, ary 22 taona ny zokiny indrindra amin'ireto mpanendaka ireto. Zaza roa, 6 taona sy 8 taona, niaraka tamin'ny Renibeny avy namonjy fiangonana ny alahady teo no nendahin'izy ireo raha niditra elakelan-trano teny amin'ny faritry ny CEG 67ha iny. Lasan'izy ireo ny kitapon'ireo zaza. Nikiakiaka mafy anefa ireto zaza ireto, ary nisy ny olona manodidina no naheno izany ka nivoaka avy hatrany. Vao nahita ireo olona nivoaka ireto ankizivavy dia nirifatra nandositra avy hatrany, saingy voasambotry ny Fokonolona ny iray, ary natolotr'izy ireo ny Polisin'ny boriboritany fahafito etsy 67ha. Nanao ny fanadihadiana ny Polisy ka ny ampitson' io alahady io dia voasambotra tany an-tranony tsirairay avy ireto ankizy vavy ireto. Efa tsy misy mianatra avokoa izy dimy vavy. Misy efa manan-janaka ary tsy misy miasa avokoa. Tena efa mikororosy mihitsy ny fiaraha-monina eto amintsika ankehitriny.



*Izy 5 mirahavavy tratra nanendaka ankizy.*

**Naina**

Corps de la Paix Amerikana

# 40 mianadahy nahavita fiofanana, hiasa manerana ny Nosy

Nanao ny fianianany ny talata teo, teo anatrehan' ny Masoivoho Amerikana Michael Pelletier, ny mpilatsaka an-tsitrapo amerikana avy amin'ny Peace Corps, na Corps de la Paix vaovao miisa 40. Notanterahana teny amin'ny tranon'ny Masoivoho Amerikana teny Ambaranjana ny lanonana momba izany. Hiasa eo amin'ny sehatry ny fampianarana ny fiteny anglisy ireto mpilatsaka an-tsitrapo ireto. Naharitra 11 herinandro ny fiofanana, izay nianaran' izy ireo ny kolontsaina sy ny teny ary ny teknika ilainy mandritra ny asa hataony eny anivon'ireo fiarahamonina samihafa manerana an'i Madagasikara, izay hampiantrano azy ireo mandritra ny 2 taona manaraka. Hanatevin-daharana ireo mpilatsaka an-tsitrapo hafa miisa 115 efa amperin'asa eo amin'ny sehatry ny fampianarana sy ny tontolo ambanivohitra ary ny fahasalamana, izay miparitaka manerana an'i Madagasikara ireto mpilatsaka an-tsitrapo Peace Corps, ka nanao fianianana ireto.


*Ireo mpilatsaka an-tsitrapo Amerikana vaovao avy amin'ny Peace Corps, miaraka amin'ny Masoivohon'i Etazonia.*

**Aly**

Vondron'ny fiaraha monim-pirenena

# Mbola marefo ny fiarovana sy fampiharana ny zon'ny ankizy eto Madagasikara

Tsy hita taratra eny anivon'ny fiainan'ny mponina eny ifotony ny fiarovana sy y fampiharana ny zon'ny ankizy eto Madagasikara hoy Ramatoa Nomenjanahary Ando, Filohan'ny vondron'ny fiarahamonim-pirenena. Io no nisongadina nandritra ny fanehoan-kevitra nataon'ity farany tetsy amin'ny Hotel Colbert Antaninarenina nandritra ny fankalazana ny faha 28 taona nanaovan'i Madagasikara sonia, ny fifanarahana iraisam-pirenena ho fiarovana ny zon'ny ankizy. Nikarakara hetsika fankalazana ny biraon'ny Frankofonia eto amintsika. Fivoriana izay notarihin'ny Minisitry ny Fitsarana sy ny Filohan'ny fitsarana avo momba ny lalam-panorenana, notronin'Andriamatoa Malik SARR Masoivohon'ny OIF (Organisation Internationale des pays Francophones) eto amin' ny Ranomasimbe Indianina sy ny solon-tenan'ny Unicef eto Madagasikara ; ny vondron'ny fiarahamonim-pirenena ; ireo fikambanana nasionaly sy iraisam-pirenena misehatra amin'ny fiarovana ny zon' ny ankizy. Nanohy nanazava Ramatoa Nomenjanahary Ando, fa betsaka ny politika nasionaly sy ireo paik'ady apetrakin'ny fanjakana ho fiarovana ny zon'ny ankizy toy ny fampidirana ny ankizy any an-tsaekoly ; ny fananganana sekoly ; ny fampitomboana ny isan'ny mpampianatra ; ny fandrarana fanambadiana aloha loatra ho an'ny zaza ; ny tsy fankasitrahana ny fampiasana ny ankizy ; ny fanasaziana an' ireo olona tratra manodinkodina ankizy tsy ampy taona sy ny sisa... Ny olana anefa hoy ity filohan'ny vondron'ny fiarahamonim-pirenena ity, tsy mahasahana ny isan'ny ankizy sy ny mponina eto Madagasikara ny ezaka ataon'ny fitondram-panjakana. Nanohy nanazava i Ramatoa Nomenjanahry Ando fa tsy misy fampiharana akory amin'ny ankapobeny ireo paik'ady izay napetraky ny fanjakana ho fiarovana ny zon'ny zaza ary ny tena mampalahelo dia tsy mandray ny andraikiny ireo Ray aman-dreny nohon'ny fahantrana amin'ny fampiharana an'ireny zon'ny ankizy ireny. Nilaza ity filohan' ny vondron'ny fiarahamonim-pirenena ity, fa tsy tokony hiandrasan'ny olona ny fanjakana foana ny fampiharana sy ny fiarovana ny zon'ny ankizy, fa tokony handray ny andraikiny avokoa ny tokan-trano ; ny sekoly ; ny fokontany, hatrany amin'ny ambaratonga ambony. Tsy mitsahatra manaramaso sy manao tsikaritra amin'ireo tatitra ataon'ny fitondrana mikasika ny fanajana ny zon' ny zaza ny vondron'ny fiarahamonim-pirenena, mba hahafahana manatsara ny fomba fiasan'ny fitondrana sy ny mpisehatra rehetra ho fanatsarana ny fiarovana ny zon'ny zaza. Betsaka ireo hetsika hatao entina hanamarihana ny faha 28 taona nampiharana ny zon'ny ankizy eto Madagasikara, toy ny fampirantina izay ataon'ny vondron'ny fiarahamonimpirenena etsy Mahamasina mikasika ny fampahafanatarana ny vahoaka ny zon'ny ankizy. Hisy ihany koa ny fandraisana ny hetahetan'ny ankizy, izay hatao eny amin' ny Antenimieram-pirenena Tsimbazaza manomboka amin'ity harinandro ity.

**Franck Razakambelo**

Synodamparitany Iarivo avaradrano

# Hotanterahina anio eny Ankadifotsy ny fivoriambe

Anio alakamisy 21 Novambra 2019 no hotanterahina eny amin'ny Fjkm Ankadifotsy ny fivoriambe faharoan'ny synodamparitany Iarivo avaradrano. Hanomboka amin'ny sivy ora sy sasany ny fanompoam-pivavahana hotarihan'ny prezida synodaly Iarivo avaradrano, ny mpitandrina Rabetokotany Miarilaza. Anisan'ny hisongadina amin'izany ny fametrahana amin'ny toerany ireo tompon'andraikitra samihafa toy ny sampana, birao, fikambanana samihafa sy ny ray amandrenin'ny toby . Hivoaka amin'izao fivoriambe izao ihany koa ny tetiandro taona 2020. Fa anisan'ny hisongadina amin'izao fivoriambe izao ihany koa ny fahatongavan'ny Kpms F jkm, ny trano fivarotamboky Antso ary ny Fikambanan'ny mpiara-mamaky ny baiboly malagasy.

**Rajo**

Fandresen'ny Barea an'i Niger

# Nisy ireo nihetraketraka namaky fitaratra fiaran'olona

Faly avokoa ny Malagasy rehetra manerana ny Nosy ny talata alina lasa teo, noho ny fandresen'ny ekipam-pirenena Malagasy eo amin'ny baolina kitra ny Barean'i Madagasikara, ny ekipam-pirenen'i Niger tamin'ny isa mavesatra 6 no ho 2. Tao aorian'ny lalao tany Niamey, marobe ireo olona nivoaka teny an-dalambe tsy teto an-drenivohitra sy ny manodidina ihany, fa saika manerana an'ireo tanàn-dehibe manerana an'I Madagasikara, naneho ny hafaliany: nihorakoraka, nanapoaka tsipoapoaka, eny afomanga koa aza. Ny mampalahelo kosa anefa, nisy tsy nahay naneho ny hafaliany fa naneho ny haratsian-tsainy namotika fananan'olona, namaky fitaratra fiarakodian'olona teny an-dalana teny. Tena zavatra tsy mety ny toy izany, hasehoy ny hafalianao, fa hajao koa ny hafa, indrindra tsy tokony hisy ny fanimbana fananan'olona toy izao. Raha sanatria resy aza izany ny Barea, angamba mety zava-doza no hiseho, mety hisy handoro tranon'olona indray angamba. Naneho ny alahelony moa ilay olona vaky fitaratra fiarakodia: " mampalahelo ahy ianao ry Malagasy. Fa rehefa mandresy moa izany ilay Barea dia manimba zavatr'olona izay nikelezana aina sy manao embouteillages. Tsy haiko hoe fa dia nahoana loatra re e! Dia hanao ahoana tokoa raha sanatria resy. Asa mety mandoro trano sy fiara. Tsy avotra ny toe-tsain'ny olona sasany amintsika. Nefa indrisy fa maro loatra izy ireo.. Inona moa no hatao fa dia ny hanarina ny fiara vaky fitaratra izany no hatao !, hoy izy.

**Lita**


*Fiara vaky fitaratra noho ny hetraketraky ny sasany, tsy nahay naneho ny hafaliany noho ny fandresen'ny Barea.*

## Taratasin'ny mpamaky

Taratasy ampitaina amin'ny gazety Ny Valosoa Vaovao sy ny mpamaky azy ary ny vahoaka Malagasy izao manaraka izao : talohan'ny lalao alina dia vao nahita ilay 5 mirahalahy tany aloha aho dia nangina fotsiny fa ho tataka ty raharaha ity satria nahaoana: ex-AJESAIA sy ACADEMIE Ny Antsika daholo izy 5 tao aloha sady tsy vitan'izay, fa mbola PROMOTION NIARAKA DAHOLO ary hita sy tsapa fa tena nisy ny fifampitokisana sy fifankazarana tao : BOLIDA - PAULIN - ANICET (Ajesaia) - CAROLUS - IBRAHIM (Académie). Nahazo aina be i Anicet sy Ibrahim satria afaka nandeha eraky ny Kianja fa tsy figé t@ fiarovana fotsiny ary tena nahazo aina ny Mpanafika. Le DIM otran nahazo baiko ngamba hoe baolina na olona hihihi satria tena nandrava fotsn izy tao fa ny ankoatra izay niarahana nahita. CPA sy Corner lasa Avantages fa tsy Faiblesse toa ny Taloha intsony! Tsy ilay mampitaitaina intsony. Tsy misy ambara betsaka fa ireny ny vokatry ny Gestion de match! Bravo! ny adva nisy rovitra Fe mihits vokatry ny lalao farany, isika NANDROVITRA harato satria nahay nitsitsy aina rehefa azo ny 3points, nefa ny Terrain mitovy ihany! MERCI BAREA! Fanajana Be Hoan Ialahy Isany!!!!!

**Toky Eddy Razafiarison**
**Mpamaky gazety Ny Valosoa Vaovao**